Fiainan'antoko
Antoko matanjaka sy lehibe ny TIM 2

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 9 mey 2019 Laharana 907 Vidiny : 400 Ar

Eksodosy 23: 20 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 134), Madagasikara 05 may 2019

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Kandida Ramboasalama N°4 Boriboritany faha4 2

# Ao an-damosiny ny filoha Ravalomanana



Fitrandrahana volamena,Vohilava Mananjary 7

# Mitaky ny fialan' ireo sinoa ny mponina



GEGE BOSCO, TIM.K25 MANANJARY 2

## Nahazo tsodrano tamin-dRavalo sy ireo Ampanjaka



Ampasy Nahampoana Faradofay 6

## Mirongatra ny vaky fasana, fasana 20 indray vaky

Fampirantiana 5

## Tanterahana eo Analakely ny herinandron'i Eoropa

Haintrano tao Ifanadiana 3

## Nanome fanampiana ny kandida TIM.K25 Faly Be

Daka kely

Toa famatsiam-bola mirazotra indray ilay helikoptera ry Boaikely a !

Analakely 6

## Nanara-maso ny asa fanadiovana ny sekretera jeneralin'ny CUA



KANDIDA RAMBOASALAMA N°4 BORIBORITANY FAHA4

# Ao an-damosiny ny filoha Ravalomanana

Tonga marobe ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo komity mpanohana ny kandida Ramboasalama Emilien N°4 ao amin'ny boriborintany faha 4, nandritra ny fampielezan-kevitra nataon'ny TIM.K25 tao Namontana omaly . Tonga tao ao an-toerana nanolotra ny kandida Ramboasalama ny filoha Marc Ravalomanana. Namafisin'ny filoha Marc Ravalomanana, fa tsy misy hafa-tsy Ramboasalama Emilien no kandida nahazo tsodrano taminy sy ny antoko TIM ; matokia ianareo vahoaka hoy izy fa ny tombontsoa ho an' ny vahoaka hatrany ihany no hibaiko ny kandida Ramboasalama Emilien. Efa niofana ny kandida TIM, ka tsy ho mpananga-tanana fotsiny fa tena hampiseho ny maha tena solombavambahoaka azy. Izay no maha samihafa ny kandida atolotry ny antoko sy tsy miankina indépandant satria ny tenany manokana no jereny fa tsy ny vahoaka. Ny kandida Ramboasalama indray raha nandray fitenenana dia nanamafy ny tenin'ny filoha Marc Ravalomanana ary hijery ny mahasoa ny vahoaka fa tsy ny tena manokana. Io hoy izy dia hiompana amin' ny lafiny sosialy. Maharary ny boriboritany faha 4 ny resaka tany. Hiady mafy izahay amin'ny fanomezana tolo-dalàna fa aleo ny Malagasy no hiaina eo amin'ny taniny. Ny karaman'ny mpiasam-panjakana dia tokony hitovy daholo fa tsy tokony hisy ny tombo sy hala, indrindra ireo mpampianatra FRAM. Mampikaikaika ny mponina ny lafiny fandriampahalemana, tsy niandry ho lany depiote izahay fa avy hatrany dia nandray andraikitra na-nao trano ipetrahan'ny polisy. Tsy nisalasala ireo mponina tao Namotana fa avy hatrany dia nilaza fa hanome ny vatony ho an'ny kandida Ramboasalama Emilien N°4 TIM.K25 boriboritany faha4 amin'ny fifidianana ny 27 mey ho avy izao.

***Helisoa***

CENI

# Ireo tsara ho fantatra momba ny fampielezan-kevitra

Nilaza ireo tsara ho fantatra momba ny fanaovana fampielezan-kevitra ny CENI, n any Vaomieram-Pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Nanomboka ny alatsinainy 6 mey tamin'ny 06 ora maraina ny 20 andron'ny fampielezan-kevitra ho amin'ny fifidianana Solombavambahoaka izay hotanterahina ny alatsinainy faha-27 ny volana mey ho avy izao hoy izy ireo.

Mba hizoran'ny fampielezan-kevitra ao anatin' ny filaminana sy ny fanajàna ny fihavanana sy ny soatoavina malagasy etsy an-daniny ary etsy an-kilany, mba hahafahan'ny mpifidy hisitraka fanehoan-kevitra marolafy, hahazoany haneho safidy tomponandraikitra amin'ny latsa-bato hataony:

- Ny **fe-potoana :** ny alatsinainy 6 mey tamin'ny 06 ora maraina, ka hatramin'ny sabotsy 25 mey amin'ny 12 ora alina (20 andro).

- **Fepetra tsy maintsy tandrovana :**

* Ny fanajana ny firaisam-pirenena sy ny fanajana ny fihavanana Malagasy.
* Ny fitandroana ny tsy fiandanian'ny fitondram-panjakana sy ny tsy fitanilàn'ny sampandraharaham-panjakana mandritra ny fampielezan-kevitra.
* Ny fanajan'ny haino aman-jery miankina amin'ny fanjakana ny tsy fiandaniana amin'ny fampitam-baovao sy ny serasera rehetra izay atao.
* Ny tsy fitanilàn'ny toeram-pivavahana.
* Ny fanajàna ny fepetra izay mitarika ny fitovian'ny zo sy ny vintan' ny kandidà tsy ankanavaka.
* Ny fangaraharan'ny fampiasam-bola mandritra ny fampielezan-kevitra.
* Ny fanajàna ny fahamendrehana sy ny vonihahitry ny kandidà sy ny mpifidy.
* Ny tsy fanaovana hetsika mitarika mankany amin'ny fankahalana sy ny fanavakavahana.
* Ny fitandroana ny filaminam-bahoaka.

-**Ny toerana tsy azo anaovana fampielezan-kevitra:**

* Ny tranom-pivavahana.
* Ny toeram-piasana na ny miankina amin'ny fanjakana na ny tsy miankina amin'ny fanjakana.
* Ny tranom-panjakana.
* Ny toby miaramila.

- **Ny fomba arahina rehefa manao fampielezan-kevitra:**

* Fampiasana ny haino aman-jery isan-tsokajiny.
* Famoriam-bahoaka, na anaty trano, na eny ankalamanjana: tsy maintsy anaovana fanambarana mialoha any amin'ny solontenam-panjakana, farafahatarany 48 ora mialoha ny hanatontosana ny hetsika famoriam-bahoaka, na filaharam-be atao ho amin'ny fampielezan-kevitra. Tsy fangatahana no atao fa fanambarana mialoha, izay tsy maintsy soniavin'ny tomponandraikitra telo ahitana ny anarana sy ny adiresy, atao an-tsoratra ary aterina any amin'ny solontenam-panjakana. Ny solontenam-panjakana avy eo no manatitra ny dika mitovy amin'izany fanambarana izany any amin'ny tomponandraikitry ny CENI eny anivon'ny Distrika. Raha misy ny fifanindrian'ny daty sy ny toerana ary ny ora angatahan'ny mpifaninana dia anjaran'ny eo anivon'ny CENI no mandamina izay fandaminana tokony ho atao.
* Fanaovana ny defilé na ny "cortège" eny amin'ny arabe.

- **Mikasika ny peta-drindrina:**

* Efa misy ny toerana apetraky ny CENI natokana asiana izany petadrindrina ara-pifidianana izany.
* Tsy azo asiana petadrindrina ireto toerana manaraka ireto: ny rindrina na ny fefin'ny toeram-panjakana rehetra; ny tranon'olon-tsotra (afatsy izay nahazoana alalana manokana); ny takela-by natokana ho an' ny dokam-barotra, ny taratasy fotsy ka loko fotsy rano fotsiny no eo.
* Tsy azo atao ihany koa ny manakambana loko telo: fotsy mena maitso izay endriky ny sainampirenena Malagasy.

- **Famatsiam-bolan'ny fampielezan-kevitra:** enim-bolana mialohan' ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra androany dia efa sokajiana ho toy ny vola miasa amin' ny fampielezan-kevitra. Araka izany, izay vola niditra tamin'ny enim-bolana mialoha sy izay nivoaka tao anatin'izay dia tsy maintsy atao ao anatin'ny kajy hataon'ny mpitahiry vola amin'ny fampielezan-kevitra, na ny "trésorier de campagne" ary tsy maintsy anaovana tatitra telo volana farafahatarany aorian'ny fivoahan'ny vokatra ofisialy.

Ireo famatsiam-bola voararan'ny lalàna: famatsiam-bola avy amin'ireo orinasa andraisan'ny fanjakana anjara; ny famatsiam-bola amin'ireo orinasa na ny mitovy amin'izay avy any ivelany; ny famatsiam-bola avy amin'ny fitondram-panjakana avy any ivelany.

- **Fanendrena ny mpitahiry vola:** manao antso avo farany ny CENI ho an'ny kandidà sy ny mpomba azy tsirairay avy. Hatramin'izao, mbola tsy ampy ny antsasamanilan'ny kandidà 810 manerana ny Nosy no nanendry izany.

- **Fifanolanana:** afaka ny mametraka fitoriana manomboka ny faha 28 mey hatramin'ny fotoana hamoahan'ny CENI ny voka-pifidianana (vinavinaina ho 17 jona farafahatarany) ny kandidà, na ny delegen'ny kandidà, na ny mpifidy izay nandatsa-bato, na ny mpanara-maso ny fifidianana tera-tany Malagasy. Mizara telo izany fitoriana izany:

* Raha raharaha mikasika ny fifidianana (ohatra: fampiasana fitaovam-panjakana ): eny anivon'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana (HCC).
* Raha misy mikasika ady heloka (ohatra: korontana tao anaty toerana nanaovana fampielezan-kevitra, fividianana sy fivarotana safidy mandritra ny fampielezan-kevitra sy ny latsabato): ady heloka eny anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany no fifanolanana mikasika fifidianana eny anivon'ny Fitsarana avo Momba ny Lalàmpanorenana.

Ny CENI dia milaza amin' ny rehetra ny amin'ny fahavononany hikarakara fifidianana madio, manara-dalàna ary mangarahara, andraisan'ny rehetra anjara mba hahazoantsika voka-pifidianana eken'ny besinimaro, ka hahafahantsika mametraka andrim-panjakana marin-toerana, mba hirosoan'ny firenena ao anatin'ny tena fampandrosoana, hoy ny fanambarany.

Dia ho hita eo izany, satria ny toky fitaka fa ny atao no ho hita. Hita ny fiandaniana nataon'ny CENI hatramin'ny fifidianana filohampirenena izay.

***Nangonin'Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Antoko matanjaka sy lehibe ny TIM

Manana ny toerana maha izy azy eto amin'ny firenena ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ary mbola ao anatin'ny heriny tanteraka, raha miohatra amin'ireo antoko hafa. Ireo kandida mirotsaka ho fidiana koa dia notsongaina tao anatin'ny maro. Ao no efa nitana ny toeran'ny solombavambahoaka ao koa ireo vao hirotsaka ary samy nahazo ny tso-dranon'i Dada avokoa . Vao fanombohan'ny fampielezan-kevitra dia azo hambara fa vonona tanteraka ny TIM raha mitaha amin'ireo hafa izay mbola mitavozavoza , tsy mahatoky tena na koa mbola miandry vola hanaovana Propagandy. Ny fotoana tahaka izao tokoa mantsy no anaovan'ny kandida sasany fitadiavam-bola fa ny foto-kevitra ijoroana tsy misy akory . Ny hafa moa dia mba misehoseho ho hitan'ny olona, izay no tena irotsahana. Ny Ceni dia mahita sahady tsy fahatomombanana amin'ireo kadida mirotsaka , izany hoe , misy ny mandika lalàna ary tsy miraharaha izay lalam-pifidianana izany. Ny ataony ihany no ataony. Ny antoko TIM no manaja ny fitsipi-dalao ary voataiza ao anatin'ny fanarahan-dalàna. Manaraka ny toro-mariky ny antoko , tsy mba mpivadibadika palitao na ho tratran'ny mena miraviravy. Rakotra kandidan'ny TIM ireo biraompifidianana sy ny ankamaroan'ireo Distrika sy ny fokontany manerana ny Nosy, handrombaka toerana maro ao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza izy ireo ary tsy hanaiky hala-bato, sy familiviliana ny tena safidim-bahoaka intsony. Izany no ilazana fa antoko matanjaka ny TIM.

***Rajaonarimpanontsana***

Gege Bosco, TIM.K25 Mananjary

# Nahazo tsodrano tamindRavalo sy ireo Ampanjaka



Kandida tsy afaka ao ambavan'ny mponina ao Mananjary faritra Vatovavy ny kandidan'ny TIMK25 GEGE BOSCO N6 kandida tokana nahazo tsodraon' ny filoha Marc Ravalomanana. Vohilava Manajary tany nilatsahan'ny tavonony no nanomboana ny fampielezan-kevitra ny alatsinainy 6 mai. Mialohan'izany, zava-dehibe ny fihaonana sy fangatahana tsodrano tamin' ireo Ampanjaka sy Tangalamena tao Vohilava sy Ambalaromba , ka tsy nataony GEGE BOSCO ambanin-javatra amin'ny maha zanatany azy. Efa olona voahofana ny kandida GEGE BOSCO N6, ka tsy manavia azy ny hisolo vava ny vahoaka ao MANANJARY rehefa tonga eo amin'ny toerany izy. Tsy vitan'izany ihany, fa na tsy andraikitry ny depiote aza ny resaka fotodrafitr'asa dia tsy afaka hijery ny faritra misy azy fotsiny amin' izao ny tenany. Eo ny fitadiavany mpiara-miombon'antoka izay efa nanome toky azy fa hanome AMBULANCE sy POMPIER ho an'i Mananjary. Olona mikajy ny mahaolonany kandida GEGE Bosco ary tsy manavaka ara-poko sy firazanana ary politika. Ny fahaizany miara-miaina aman'olona no mahatonga ireo olona tsy mitovy firehan-kevitra aminy ho lasa babony tanteraka. Nandri- tra ny fihaonany tamin'ireo mponina tao VOHILAVA dia nanome toky GEGE BOSCO fa hijery ny olana mahazo ny mponina ao an-toerana izay tany nahalatsahan' ny tavoniny amin'ny fitrandrahana ao an-toerana.

***Helisoa***

### Raniry any Mahajanga

## Filamatra hatrany ny Filoha Ravalomanana

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena indray, Raniry mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga:
Dia faly miarahaba antsika rehetra nahatratra soa ny taona vaovao 2019 indray hoy izy. Izao indray isika vao tafaraka satria tratran'ny vara-datsaka tamin'ny zava-nitranga teto amin'ny firenena dia zary gina sy sina tanteraka. Mafy loatra ny vesatra nazera tao an-dohantsika ka rariny loatra raha toa ka kepoka sy valaketraka tanteraka isika rehetra. Hita tokoa fa tena nangatsiatsiaka daholo isika rehetra taorian'ireny zava- nitranga nifanesy teto amin'ny firenena ireny. Maro ny kivy sy resy tanteraka, ka tsy te-hitraka intsony. Manaporofo izany ny fahavitsiantsika tamin'ireo hetsika rehetra izay nanentanana antsika tao aorian' iny fifidianana ho filoham-pirenena iny, manerana ny Nosy. Ny ankamaroantsika dia tsy tehifidy sy handray andraikitra intsony satria tsy mbola teo amin'ny fitondrana aza izy efa ireny ny zavatra vitany, ka mainka fa efa eo amin'ny fitondrana ! Marina loatra izany ary tena tsy azo lavina tanteraka, kanefa raha toa ka samy hangina sy tsy hisy hijoro intsony isika rehetra dia hanao ahoana ny zavatra hitranga eto amin'ity firenena malalantsika ity ? Ndeha atao- ntsika fitaratra i Dada Marc Ravalomanana. Mafy dia tena mafy to-koa ny nahazo azy sy ny vady aman-janany nanomboka tamin'ny taona 2009 ka mandraka izao, kanefa tsy kivy izy fa mbola mijoro sy miezaka mitraka hatrany. Mariky ny hakanosana ny "resy tsy miady", ary efa naverimberin'i Dada metetika tamin'ny fitetezam-paritra nataony manerana ny Nosy fa mpandresy isika. "Aza manaiky ho resin'ny ratsy", hoy ny teny filamatry ny Kardinaly Désiré Tsarahazana. Isika koa tsy hanaiky ho resin'ny ratsy fa hijoro hatrany mba ho mpandresy na dia mafy tokoa aza ny mahazo antsika. Taomy àry ireo tapaka sy namana rehetra, ireo mpiaramitolona amintsika, ireo zanak'i Dada izay fantatrao. Anjaranao ny mankahery sy mandresy lahatra azy amin'izao fahoriana tsy roa aman-tany mahazo azy izao. Lazao azy fa mila mijoro isika mba tsy ho resy fa ho mpandresy tokoa. Ambarao azy fa mila antsika i Madagasikara malala ; isika izay tsy voatambitamby vola aman-karena na toerana fa entanin'ny faharesen-dahatra tanteraka. Aoka isika hijoro e ! Samia mitraka fa tsy mety amin'ny manampanahy ny manaiky ho resy tsy miady. Mety betsaka ny zavatra tsy azoazontsika sy mety hampiahiahy saingy tsarovy fa tsy hisy mihitsy ny tonga lafatra raha mbola tany koa ny tany, fa izay kely eo am-pelatananao no hatsarao. Ataovy tsara karakara fa efa io no anjara nomena anao. I Dada Marc Ravalomanana hatrany no jerena fa izy no filoha mpitarika antsika. Ny fanekenao ho resy tsy miady dia midika fa manaiky ny fampahoriana atao amin'ny tanindrazanao ianao. Hafa mihitsy anie ny zavatra hitranga eto amin'ny firenena raha toa ka mandresy isika e ! Mba tsy hisy ny manjaka-tokana fa mba hisy ny fifandanjan-kery eto amin' ny firenena. Koa alao hery àry ry zanak'i Dada rehetra, na koa isika izay efa tena resy lahatra tamin'ny fahombiazan'i Dada. 'Ndeha isika hamondrona ny hery hananantsika, hampandresy ireo kandida natolotry ny TIM.K25 rehetra manerana ny Nosy. Averiko ihany, i Dada Marc Ravalomanana jerena. Fahadisoana goavana ny tsy mandeha mifidy ! Fantatra ary tena tsy azo afenina fa tena mararirary ny fontsika noho ny zava-misy iainana ankehitriny, saingy izany indrindra no tena tokony hijoroana mba ho "Fanavotam-pirenena".

***Nangonin'Isambilo***



Haintrano tao Ifanadiana

## Nanome fanampiana ny kandida TIM.K25 Faly Be

Nitrangana loza mahatsiravina tao Ifanadiana, fafritra Vatovavy Fitovina-ny ny sabotsy alina teo, noho ny fahamaizan'ny trano miisa 50 tafo tao an-toerana. Nampalahelo ny nahazo an'ireo mponina niharam-pahavoazana satria dia entana maro no potika tao anatin'ny indray mimpi-maso noho ny afo tsy nampoizina. Tonga nitondra fanampiana ny avy amin' ny mpitondra fanjakàna notarihan'ny Praiminisitra ary koa ny depiote teo aloha tao Ifanadiana. Tao aorian'izany, tsy nijery fotsiny ireo rava fananana amin'ny maha-mpiarabelona sy mpiray vodirindrina aminy fa nitondra ny voatsirambin' ny tanany ihany koa ny Kandida laharana faha-3 TIM.K25, Andriamatoa FALY BE mivady. Nisolo tena azy tamin'izany ny vadiny sy ny KMFB, na ny Komity Manohana an'i FALY BE noho izy mbola any amin'iny tapany Avaratry ny Distrika iny manao fampielezan-kevitra. Nanolotra vola 2 tapitrisa Ar mahery sy bodofotsy 56 aloha ny kandida Faly be N°3 satria mbola nisy ny tsy azo lisitra ireo niharam-boina, noho ny fahatairany sy ny alahelony be loatra vokatry ny loza. Ny KMFB rehetra, na ny komity mpanohana ny kandida FALY IBE ao Ifanadiana dia mankahery ireo rehetra niharam-boina ary mirary soa indrindra ho azy ireo.

***Helisoa***



*Ny fahamaizana trano tany Ifanadiana.*

Antsirabe voalohany

## Nifanandrina ady hevitra ireo kandidà depiote

Ho fiatrehana ny fampielezankevitra amin'ny fifidianana solombavambahoaka, dia nanatanteraka loabary an-dasy nifanatrehan'ireo ho kandida hirotsaka amin'ny fifidianana solombavambahoaka eto anivon'ny distrika Antsirabe I, ny avy eo amin'ny Vovonana « Tafo Miahavo", Faritra Vakinankaratra ny alahady tolakandro lasa teo, tao amin'ny "Diantana Hotel". Ny andraikitra tokony ho sahanin'ny solombavambahoaka, ny zavatra tokony ho ataony eo amin'ny toerana naha lany azy, ary indrindra ny fijerena manokana ireo tolo-dalàna izay sosokevitra naroson'ny Tafo Miahavo, ka isan'izany ny fanatsarana ny fitantanana ny harena voajanahary, ny fandriampahalemana ary ny toekarena, ireo no isan'ny nangatahana valiny tamin'ireo mpifaninana. Naharitra ora 2 ny ady hevitra teo amin'ireo kandida ary samy manana izay hitany hampandrosoana sy namaliana ireo tolo-kevitra naroson'ny Tafo Miahavo. Ho an' Antsirabe I manokana dia miisa 5 ireo kandida nirotsaka, ka ny roa amin'ireo dia mirotsaka amin'ny alalan'ny tenany manokana, na mahaleotena, ary ny telo ambiny kosa dia mirotsaka amin'ny alalan'ny antoko misy azy. Kandida 4 no tonga namaly ny antso sy sahy nifanandrina tamin'ny mpifaninana aminy nandritra izao loabary an-dasy nokarakarain'ny Tafo Miahavo izao. Azo lazaina fa afa-po ny mpikarakara tamin'ireo valinteny nomen'ireo kandida tsirairay, na dia nisy ihany aza ny fihoaram-pefy amin'ny maha kandida mpifaninana azy ireo. Marihany fa tonga nanatrika izao loabary an-dasy izao ny filohan'ny CED, Me Zo RASOANAIVO Antsirabe I.

***Lezama***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Samy tsy ara-dalàna avokoa : nahoana ny Isika Rehetra Miaraka amin'i Andry Rajoelina no IRD fa tsy IRMAR ?

**Vahatriniaina Andriamanantena :** samy tsy ara-dalàna avokoa ny fanononana an'i Andry Rajoelina amin'izao fifidianana depiote izao. Na IRD ion a IRMAR dia samy tokony ho foanana avokoa, TGV izay tsy misy ny anaran'ny filoha ihany no tokony hoentin'ireo kandidà miara-dia amin'ny fitondrana ireo.

**Tsiambakaina Rajarison :** mitongilana amin' ireo kandidà TGV Rajoelina ny dikan'ny IRD na ny IRMAR, tsy tokony hitondra io anarana Miaraka amin'i Andry Rajoelina io ireo kandàn'ny TGV.

**Cyril Boanahaja :** D io mitsy tsy haiko dikany, mety hoe: Isika Rehetra Doma.

**Rakotomanana Rindra Orimbatosoa :** ny fanafohezana dia afaka atao araka izay itiavana azy! Oh: COMACAT (COmpagnie MAlgache de CAouTchouc), fa tsy Tananarive akory! Izay mampi-sonne ilay ABRÉVIATION no izy!

**Vahatriniaina Andriamanantena :** Kkkkk,,,, dia avoahy tahaka io ilay IRD, fa io no tiako ho fantatra. Misy principe arahina rehefa manao abréviation izany, ary samy hafa ny abréviation sy ny sigle.

**Rakotomanana Rindra Orimbatosoa :** izany ve r'ise dia iadiana hevitra a!?! Avoahy ao irery ny an'ise, fa za 'zao dia manaiky fotsiny hoe: " rehefa mahita hoe TIM na K25 za dia RAVALO foana izay! Tsy raharahiako loatra izay antony satria discussion stérile.

**Arone Niaina :** IRD sy IRMAR ve dia mbol hitovy ihan mba mandiniha tsara aloha vao miteny e, Mapar sy Andry Rajoelina ve dia hitovy ? Ireo kandidà deputé mitondra io anarana io dia tokony ho disqualifier-na, satria miandany ny Filoha Rajoelina no dikan'io, ndefa izy tokony ho ray aman-drenin'ny Malagasy rehetra fa tsy ny TGV ihany.

**Fano JaYves Solofohery :** IRD = Isika Rehetra Domelina, na Isika Rehetra Daika.7

*TONONKALO*

### SOLOMBAVA MANAHOANA ?

Solombava manahoana no ilain`ny firenena ?
Tsy irony basivava , dedaka sy tia mitrena,
Fa ny tsotra sy mahomby nefa itoeram-pahendrena,
Ka manaiky hitondra ny hafatr`ireo mila famonjena.

Solombava manahoana no ho eny Tsimbazaza ?
Aoka tsy ho ny mpiova loko sy mpangalatra malaza,
Izay nanangona harena sy natavy vetivety
Vokatry ny hafetsena sy fandraisana malety !

Solombava manahoana no ilain`i Gasikara ?
Tsy irony jiolahy izay faly ny manao bagara,
Fa ny olona madio , tsy isan`ny mpanao afera,
Ho famerenana indray ny hasinao ry Antenimiera !

Raha fehezina dia `zao no tena ilaina ho solombava:
Tsy ireo mpanangan-tanana mba hiaro ny mpandrava,
Fa `zay mihaino ny vahoaka sy hampandany ny lalàna
Hanafaka an`i Gasikara anaty gejam-pahantrana.

***SEDERA RAVALISON (08-05-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fampielezan-kevitry ny kandida TIM K25 N°6 Gege Bosco any Mananjary.










Ny fitrandrahana volamena tsy manara-dalàna ataon'ny sinoa any Vohilava Mananjary.









## Eksodosy 23: 20

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 134), Madagasikara 05 may 2019

***Eksodosy 23: 20 "Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dalana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko."***

Etsy ange hianareo hanambarako zava-baovao tokony ho fantatrareo e! Tsy miova anie ny fombako **JEHOVAH** e! Fa izay nataoko tany aloha ihany no ataoko ankehitriny. Jereo ny Baiboly ao amin' ny **Eksodosy 23 : 20**, ny niantohako JEHOVAH ny Zanak' Israely sy hamponina azy soa aman-tsara ao amin' ny tany Kanana. Fa alohan' izany jereo ny **Eksodosy 20**, ny nanomezako JEHOVAH ny didy folo. Izany hoe rehefa tonga tao Kanana izy ireo dia nomena didy, nomena lalàna ary nilazana fitsipika. Satria ny olona afaka dia tsy mihaino ny fitsipika sy lalàna tsy mety aminy intsony ka tsy maintsy ovaina ny lalàna ho didy sy fitsipika vaovao. Ka rehefa tonga tao Kanana izy ireo, anjaranareo ny mamaky ireo lalàna toko 20, 21, 22, ireo no lalàna izay nifampitaizan' ny Zanak' israely sy mosesy ary ny nandinihako azy ireo hoe vitan' izy ireo ve? **Ry mpamaky sy mpihaino, rehefa mandalo Paska Fiomanana dia miomana fa misy ny lalàna tsy maintsy harahina, misy ny didy sy fitsipika tsy maintsy ekena.** Izay no atao hoe mandalo Paska araka izay nolazaina hoe inona moa ny Paska tamin' ny andron' i JESOSY. Izao indray dia tsy maintsy ho tonga amin' ny olona rehetra izay nandalo Paska farany teo izany, tsy maintsy tonga ao Kanana. **Kanana = Ilay Fanjakana na koa Ilay Fifohazam-panahy aloha. Ka dia efa lazaina sahady hoe misy lalàna ao, misy fitsipika ao mba hahatanteraka ilay Teny Fikasana izay hahatongavana ao amin' ilay Fanjakana.** Satria tamin' ny fotoan' andro tao amin' ny Testamenta Taloha dia tsy maintsy nanangana ny Fanjakako tamin' ny alalan' ny mpanompoko, ry Davida izany, ary nandalo izao lalana izao dia ny zank' Israely ary dia nitohy ny tantara, nitohy ny fifampitaizana dia voatsangana ny Fanjakana tamin' ny andron' i Davida. Dia ohatr' izany koa hianareo, hitohy izany izao lalàna sy fitsipika izao dia ho tonga ao amin' ilay Fifohazam-panahy ka rehefa tonga ao dia misy lalàna ao. Tsy tahaka ilay fanaon' ny olona hoe : iza no tia an' i Jesosy dia ato amin' ny Fiangonanay. **Tsy izay intsony ilay fifohazam-panahy fa fiarahan' ny rehetra tonga ao amin' ny tanjona iray mba hisy fitoviana, fiaraha-miasa, fiaraha-manoa, manaiky ary miaramankato, manatontosa tanjona iray dia ny Fanjakako JEHOVAH izany. Lalàna no ahatongavana ao,** ohatra ***andininy 21***: mitandrema eo anatrehany ka mihainoa ny feony ka aza mampahatezitra azy fa tsy hamela ny fahotanareo izy fa ny Anarako no ao aminy (ilay anjely io). Fampitandremana io mba hankato ny baiko rehetra ka tsy hanao izay hampahatezitra AHY JEHOVAH. Izay anie no antony anangako mpaminany fa amin' ny alalan' ny mpaminany AHO no miteny hoe izao no atao, izao no tenenina, izao no aleha, izao no ho tononina dia tsy maintsy atao izany. ***Andininy 22***, Fa raha hihaino izay lazaiko hianareo dia ho fahavalon' ny fahavalonareo AHO ary ho rafin' izay rafinareo. IZAHO JEHOVAH no hitsangana hijoro hanohitra ny tsy mino sy tsy manaiky ny asako sy ny lalàko amin' izany andro izany ka tsy tokony hisy hampahatahotra na inona na iza hijoro hanohitra eo fa eto anie dia misy toy izao e, ny anjeliko no handeha eo anoloanao ka handeha any amin' ny Amorita. Amin' izao indray dia ny Fanahiko indray no hilatsaka ao amin' ny mpaminany ka hitondra sy hibaiko ary handatsaka ny teny ao aminy hilazana izay tokony hatao rehetra hahatongavana amin' izany tanjona izany. Andininy 24, aza miankohoka eo anatrehan' ny andrimanitr' ireny ianao na manompo azy na manaraka na manao araka ny ataony fa aringano tokoa izy. Izay no ilana ny mpisorona, tsy maintsy voatsangana izany ny mpisorona alohan' ny Asa Lehibe. Inona moa izany ny asan' ny mpisorona? Mandray ny Teny rehetra avy Amiko JEHOVAH, tsy misy miova na dia litera kely izay aza, mba hitondra am-bavaka, mba ho lohany amin' ny vavaka, mba hanaraka an-tsakany sy an-davany. Aza miankohoka eo anatrehan' ny andriamaniny ianao satria ireto amorita, perizita, hitita, jebosita dia nanana ny andriamaniny ka raha tonga tao ireo zanak' Israely dia izao aza manaraka ny andriamanitr' ireo hianareo fa miankohofa mandrakariva Amiko JEHOVAH izay fa izay hahafongotra an' ireo no ataovy. Tsy hamongotra azy tsy ho olona, tsy hamongotra azy tsy hiaina fa hamongotra azy amin' ny fomba tsy mety rehetra ka mampanaraka azy amin' ilay tena JEHOVAH ho tompoina. Izay ihany koa no anjara asanareo, tsy mankahala fa potehina izay mbola milaza azy ho andriamanitra arahina. Dia mila mpisorona izany asa ngezabe izany. Izany anie no nilana an' i mosesy sy Arona. ***Andininy 25**, fa manompoa AHY JEHOVAH dia hitahy ny ranonao sy ny haninao AHO ary hesoriko aminao ny aretina.* Rehefa tonga izany fotoana izany dia manompo AHY JEHOVAH ny olona rehetra dia tsy hisy intsony izao karazana zavatra rehetra mampahory izao. Inona avy moa ireo karazana olana, aretina mampahory? Dia ho foanako ireo karazana aretina rehetra ireo rehefa tonga ny Fifohazam-panahy. Tsy hisy marary intsony any amin' ny hopitaly. IZAHO no hitahy ny rano ho an' ny olona ary hanasitrana ny aretina rehetra dia hitahy ny hanina sy izay rehetra ilaina, averiko amin' ny laoniny. Izay ilay Teniko foana hoe averiko amin' ny laoniny. IZAHO anie rehefa nanamboatra anareo olombelona dia efa izay nataoko rehetra ilainareo e! Mila voasary hianareo, dia nasiako izany, mila rano ny olona dia nasiako izany, mila rivotra ny olona dia nasiako izany, mila vady dia nasiana ny lahy sy ny vavy, mila zanaka dia nasiana izany. Ny an' izao tontolo izao indray dia nofoanany ireny. Izany hoe maninana AHY mihitsy izany izao tontolo izao. Fa averiko amin' ny laoniny ny zavatra rehetra.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY
**Telephone : 033 12 461 43**
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page
**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Ankehitriny dia hitsangana Aho, hoy Jehovah; ankehitriny dia ho any amin'ny avo Aho; ankehitriny dia hisandratra Aho.*

***Isaia 33:10***

## BORIBORITANY FAHA-2 (CUA)

# Mbola mitohy hatrany ny tetikasa lalankely

Mbola mitohy hatrany ny fanamboarana ny lalankely eny anivon'ny fokontany ao amin'ny boriboritany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ohatra azo tsapain-tanana amin' izany ny ao amin'ny fokontanin'i Tsiadana. Maro amin'ireo lalankely ao amin'ity fokontany ity no efa vita fanavaozana sy nasiana fanamboarana, mbola misy ihany koa anefa ireo izay eo an-dalam-panamboarana ary efa eo am-pamaranana ny asa ny tompon'andraikitra amin'izao fotoana izao. Ny sampan-draharaha misahana ny ara-teknika ao amin'ny Boriboritany faharoa no tompon'andraikitra amin'ity asa ity miaraka amin'ny fanomezan-tànan'ny DTP(CUA) na ny asa vaventy. Raha tsiahivina dia ireo vato sisina "trottoir" izay efa tsy ampiasaina intsony no noraisin'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra an-tànana anamboarana ny lalankely manerana ny fokontanin' Antananarivo, izany dia natao mba hitsinjovana hatrany ireo mponina izay eny anivon'ny fokontany eny.



*Lalankely an-dalam-panamboarana eny Tsiadana.*

***Aly***

## Sampana mpamonjy voina (CUA)

# Vetivety dia tonga namonjy ny haintrano teny amin'ny FLM Ambatovinaky

Ny alatsinainy teo tokony ho tamin'ny 7 ora sasany maraina teo no nitrangan'ny loza tao amin'ny trano fitandreman'ny Pasitera Rakotonjanahary Imboasalama mianaka-vy tao amin'ny FLM Ambatovinaky. Raha araka ny nambaran'ity Pastora ity dia efa lasa nandeha nivavaka sy nianatra avokoa ny tao an-trano tamin'io fotoana io ary izy mivady sy ny zanany vavy irery no tavela tao. Naheno fofona hafahafa izy ireo ary izay no nahamailo azy nandeha hijery ny mety antony nahatonga izany, kinanjo efitrano efa feno setroka no nitsena azy ireo, tsy nanam-potoana ny hiantso ny mpamonjy Voina intsony anefa ireto farany, fa efa samy nikoropaka namonjy ny ainy. Ireo mpivavaka tao am-piangonana no hany sisa niantsoana vonjy ary ireto indray no nanao izay ho afany tamin'ny fanaovana ny asa famonjena. Ireo mponina izay nahita ny setroka niakatra kosa no niantso ireo mamponjy voina. Araka ny nambaran'ny Ray aman-dReny mpitandrina hatrany dia fotoana fohy taty aoriana no niantsoana ny mpamonjy voina dia efa tonga nanao ny asany izy ireo ary voafehin'izy ireo ny afo. "Court circuit" tao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny no voalaza fa nahatonga ny firehetana ary nahazo ireo fanaka avy hatrany izany ka izay no tena antony nampiparitaka ny afo hoy hatrany ity Pastora ity. Vokany, tsy nisy ny naratra sy ny aina nafoy saingy ny efitrano ambony ambany no may kila tsy nisy azo noraisina intsony. Mba ho fisorohana ny mety ho fiitaran'ny afo sy ny fahavoazana dia manentana hatrany ireo mponina ny Mpamonjy Voina mba hiantso haingana azy raha vantany vao misy ny tranga hafahafa mety hampididoza toy izao ary hamono ny herin'aratra rehetra alohan'ny hivoahana ny trano.

***Serge***

## Fampirantiana

# Tanterahana eo Analakely ny herinandron'i Eoropa

Nanomboka ny talata teo, no anatanterahina ny « herinandron'i Eoropa » eo amin'ny Parvis ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Ity hetsika ity dia natao hampirantiana ireo tetik'asa rehetra vatsian'ny Vondrona Eoropeana vola toy : ny fiahiana ara-tsosialy, ny ady amin'ny herisetra amin'ny vehivavy, ny fisorohana ny herisetra amin'ny raharaham-pifidianana, ny rano fisotro madio, fidiovana, ny ady amin'ny kolikoly, sns… Izany rehetra izany dia mifanandrify amin'ny vina sy fanamby napetraky ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo, izay tarihan'ny ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana, raha tsy hilaza afa-tsy
- ny « tanàna, tsara tantana » izay iompanan'ny tetikasa "fanjakana ho an'ny daholobe" ihany koa, tetikasa izay nanomboka ny taona 2015 ary hifarana ny taona 2021, tetikasa izay miompana eo amin'ny fanatsarana ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny fitantanana ny mpiasa, ny fitantanana ny volam-panjakana ary ny fitsarana.
- ny ady amin'ny kolikoly, izay voizin'ny "Transparency International" ihany koa, izay nanganana ny "Club Fongotra" na fikambanan'ny olom-pirenena liana amin'ny fampivoarana ny fangaraharana, ny fahitsiana ary ny tamberina eo amin'ny fiaraha-monina. Nanomboka ny volana febroary 2019 teo ihany koa dia nijery misimisy kokoa ny kolikoly misy eny amin'ny tobim-pahasalamana ny "Trasparency International" ary mbola maro ny hetsika manodidina izany.
- Ny ady amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy, izay ivondronan'ny mpiantsehatra maromaro toy ny SOS Village d'enfants, izay efa manana traikefa efa 30 taona izao, ny tetikasa "sahala" izay manamafy ny fandraisan'ny lehilahy anjara amin'ny ady amin'ny herisetra, ny ECES izay manao hetsika fampahafantarana nanomboka ny 08 martsa ka hifarana ny 31 jolay ho avy izao,
- ny ahazoan'ny tsirairay tombontsoa amin'ny rano fisotro madio, ny fahadiovana sy ny fidiovana, izay vina mifanandrify amin'ny tetikasa Wateraid, ny tetikasa fandio rano…

***Isambilo***

SEFAFI

# Mijanona ho laza masaka fotsiny ny fitsarana

Milaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray ny Sefafi, na ny sehatra fanaraha-maso ny fiainam-pirenena:

Ny ady amin'ny tsy maty manota ary ny fanangananana fitsarana marina kokoa no fanantenan'ny olom-pirenena lehibe indrindra. Toy ny hafa rehetra nikasa ho filoha, ny kandidà Andry Rajoelina dia nampanantena ny handray an-tanana an'izany. Fifanojoan'ny daty fotsiny ve ny fanadihadiana ankehitriny sa hetsika niniana natao, fa ny fahatongavany teo amin'ny fitondrana dia narahin'ny fipoahan'ny raharaha ara-pitsarana nanao tohy vakana.

Ny voalohany indrindra dia ny nanenjehana andRatsiferana Hugues, Tale Jeneralin'ny Birao Malagasin'ny Fampandrosana ara-toekarena sy ny Fanondrotana ny orinasa (AMDP), noho ny fanodinkodinana fananam-panjakana. Avy eo dia nenjehina sy naiditra am-ponja i Mbola Rajaonah, tompomenakely iray hafa nandritra ny fitondrana teo aloha, noho ny halatra tamin'ny hetra sy noho ny famotsiam-bola. Dia re koa fa naverina any Antanimora Razaimamonjy Claudine izay napetraka ela tany amin'ny fonjan'i Manjakadriana. Ary farany, tamin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera, ny olompirenena dia afaka nanaraka mivantana, ohatra ireny mijery sarimihetsika feno fifanenjehana ireny, ny fanenjehana an'i Maminirina Eddy, mpandraharaha ara-toekarena voarohirohy amin'ny fanondranana an-tsokosoko andramena, naiditra vonjy maika any Tsiafahy.

Misy raharaha efa nabaribary tany aloha mbola miverina mahazo laka indray. Nampikorontana ny saim-bahoaka ilay raharahan'ny « Villa Elisabeth » ary efa natomboka nanaovana fanadihadiana tamin'ny telovolana faran'ny taona 2017. Ny volana martsa 2019, ny fivarotana tsy ara-dalàna an'io toeram-ponenana an'ny Repoblika io dia nahatonga ny fampidirana am-ponja ny iray tamin' ireo DG taloha tao amin' ny Fananan-tany ary mpiasa roa hafa tao amin'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany voarohirohy ho nanamora ny fivarotana an'io fananam-panjakana io. Ho tohin'izany, ny vahoaka dia nitolagaga raha nandre fa nisy ampahany amin'ny zaridainan'Antaninarenina efa namidy, efa ho 21 taona lasa izay. Ary na dia sarotra inoana aza izany dia mbola tsy nampahafantarina hatramin'izao ny anaran'ilay, na ireo mpividy ! Tsy ho tratra mihitsy io fifampivarotana io raha tsy efa nanomboka nikarakara ny fitsinjarazana ilay tany ireo nahazo azy.

Ary na dia efa voatana any am-ponja aza ny olona sasany eo am-piandrasana ny fitsarana azy dia tsy manakana azy velively izany hirotsaka ho kandidà amin'ny fifidianana solombavambahoaka, satria, hono, tsy azo esorina amin'ny lisitra ofisialin'ny kandidà navoakan'ny CENI ny anarany !

Manoloana izany, antenaina fa tsy ho fanaovana laza masaka fotsiny ireny fiampangana sy fanagadrana ireny na koa asesiky ny antony politika ; antenaina koa fa tsy hanjavona any amin'ny fiolanolan'ny fizotran'ny raha- raham-pitsarana any ny fitoriana momba azy. Mi-ankina amin'izany ny faha- tokisana ny fitsarana sy ny fitondrana mihitsy koa aza...

### Fahaleovantena sy fahamarinan'ny fitsarana

Tribonaly maro be (Sampana Miady amin'ny Kolikoly, Sampana manokana miady amin'ny fanondranana andramena sy hazomainty, sns...) no efa miatrana miasa taorian'ny fahasahiranana niatrika ny dingana fananganana azy. Ny BIANCO (Birao Mahaleo tena Miady amin'ny Kolikoly) dia nanambara fa efa nametraka fitoriana 79 miandry hodinihin'ireo tribonaly ireo, ny fahefan'ny PAC (Sampana Miady amin'ny Kolikoly) etsy an-daniny efa nitarina. Saingy tsy ny fampitomboana ny rafitra akory no fanafodin'izao rehetra izao.

Ny tena takian'ny fanadiovana ny tranon-tsoavalin'i Augias (toerana efa tafahoatra loatra ny lotony) dia ny fitsarana mahaleo tena. Ny mpitsara ao amin'ny Fampanoavana dia mijanona ho eo ambany fifehezan'ny Ministeran'ny Fitsarana ; fa ireo izay tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra dia tokony hijoro ho mahaleo tena tanteraka. Tsiahivina fa ny mpitsara dia mahaleo tena tanteraka amin'ny fanapahan-kevitra raisiny : adidiny ny mampiasa an' io fahafahana io ka tsy azony atao ny mitady fialan-tsiny na mody milaza ho iharan'ny tsindry satria tsy misy ny fanerena raha tsy izy no manaiky azy. Miaraka amin'izany koa, izay rehetra ataon'ny mpanatanteraka mitady hitsofotsofoka amin'ny fizotran'ireo raharaha ireo dia mitovy amin'ny finiavana hampihàtra ny fitsaran'ny mpandresy, izay mifanohitra amin'ny tany tan-dalàna. Ary farany, ny fahamarinan'ny mpitsara dia harahi-maso akaiky manoloana izao toe-draharaha izao, voalaza mazàna mantsy fa ny tontolon'ny fitsarana no lohalaharana amin'ny sehatra tena anjakan'ny kolikoly.

### Ny anjara asan'ny Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice - HCJ)

Notenenina matetika saingy dia ela vao tanteraka ny fananganana ny HCJ ilay natao hitsara ny mpitondra ambony. Fantatra ny fahefan nomena azy. Saingy tsy ny fananganana azy ela loatra ihany no vato misakana ny fanatontosan'ny HCJ ny andraikiny : tafahoatra loatra koa ny lalàna tsy maintsy hajainy. Tsy azo lavina fa, noho izy sady fitsarana no politika, ny HCJ dia tsy ho afaka hanaraka ny lalànan'ny fitsarana tsotra. Saingy, mba ho tonga any amin'ny fiampangana, dia misy sivana maro be tsy maintsy lalovan'ny fitoriana ; hararaotin'ny mpisolelaka ireny ho lasa fanakantsakanana, na ho fitandroana ny maha tsy maty manota azy ho an' ireo izay mbola eo amin' ny fitondrana. Izany izao ny momba ilay ministra taloha nisahana ny fanajariana ny tany, izay niaiky fa nanao sonia « tsy nahy » ny kopia nivarotana ny « Villa Elisabeth », fananam-Panjakana !

Miandry ny tena fanombohan'ny asan'ny HCJ aloha ny olom-pirenena, ka voatery mitazam-potsiny ny fisian'ny karazam-pitsarana roa, ny iray ho an'ny matanjaka (Filohan'ny Re- poblika, filohan'andrim-panjakana, solombavambahoaka, mpikambana amin'ny govememanta) ary ny iray ho an'ny olom-pirenena tsotra. Momba ny resaka mikasika ny fanitsiana ny Lalàmpanorenana dia rariny loatra, sady mifanaraka tsara amin'ny demokrasia, raha foanana tsotra fotsiny izao ny HCJ. Amin' izay fotoana izay ny tompon'andraikitra ambony eto amin'ny firenena dia hitovy lenta amin'ny olom-pirenena tsotra... ary izay no tena rariny !

Mitovy amin'izany ihany koa, ny fitsipika mikasika ny tsy maha maty manota ny solombavambahoaka voalazan'ny andininy faha 73 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia tsara raha atao hentitra kokoa, ary indrindra indrindra ferana tsara mba tsy ho azo ahodina ho an'ny tombontsoan'ny fifanohantohanana maharikoriko ifanaovan'ny mpiray fikambanana.

**Nangonin'Isambilo**

## SARIITATRA : Ny IEM dia tsy manam-bola fa mijapy train




Analakely

## Nanara-maso ny asa fanadiovana ny sekretera jeneralin'ny CUA


*Ny sekretera jeneralin'ny CUA, Guy Rivo Randrianarisoa, tetsy Analakely.*

Efa asan' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny fanadiovana ny tanàna amin'ireo Boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra. Omaly, nitohy ny fanadiovana ny tao Analakely sy ny manodidina nataon'ny mpiasan'ny kaominina. Nanara-maso izany asa fanadiovana izany ny sekretera jeneralin'ny fiadidiana ny tanàna Guy Rivo Randrianarisoa. Nambarany nandritra izao hetsika izao, fa ny fanadiovana dia efa ezaka ataon'ireto mpanadio lalana ireto isanandro. Fa ny fandotoana kosa tokony hatsahatra hoy izy. Taizana ianareo mpivarotra hanaja izany. Ezaka ataon-dRamatoa ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana mandrakariva izany, ho soa iombonan'ny Malagasy, hoy ny sekretera jeneralin'ny CUA, Guy Rivo Randrianarisoa.

***Helisoa***

Fitaterana Ivato

## Nijery imaso ny tomponandraikitra ary nanasazy

Betsaka ny fitarainana nataon'ny mponina sy ny mpandeha amin'ny zotra Ivato - Vassacos noho ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny koperativa mpitatitra. Tsy nanaiky lembenana ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, ka nandray fepetra niaraka tamin'ny Ministeran'ny Fitaterana, ny ATT, ny Zandarimariam-pirenena sy ny polisy kaominaly. Efa nisy ny fotoana nampitandremana sy nanabeazana ary nanoroana ireo koperativa mpitatitra eny Ivato sy ny mpamily ary ny mpanampy ny mpamily. Miditra amin'ny fampiharana ny lalàna kosa ny tomponandraikitra ankehitriny. Nanentana manokana ny mpandeha koa ny kaominina mba tsy hanaiky ny tsy fanarahan-dalàna sy ny fanitsakitsahana ny zony sy ny tsy fanajana ny bokin'andraikitra. Naparitaka ny nomerao azon'ny mpandeha hiantsoana mivantana an' ireo tomponandraikitry ny fitaterana. Nandritra ny fitsirihana tampoka teny an-dalambe no nahatratrana ireo taxibe tsy manana taratasy fahazoana miasa, ao ireo milaza fa an'ny bebokotra sy be kintana, ka mihevitra ho ambonin'ny lalàna, ao koa ireo nametaka makarakara amin'ny varavaran'ny fiara izay tsy ara-dalàna sy ny nampiasa takelaka tsy manaraka ny fenitra. Nisy ny voasazy sy nampidirina "fourriére " avy hatrany. Hitohy hatrany amin'ny fotoana tsy ampoizina ny toy izao, hoy ireo tompon'andraikitra.

***Ny Valosoa***

Ampasy Nahampoana Faradofay

## Mirongatra ny vaky fasana, fasana 20 indray vaky

Mirongatra indray ny vaky fasana any amin'iny distrikan'i Faradofay iny amin'izao fotoana. Fasana 20 no vaky ary taolana 40 no nanjavona, tranga niseho tamin'ny faran'ny herinandro teo iny izany tao amin'ny Kaominina 2 dia Ampasy Nahampoana sy Sonierana, kaominina 2 tsy dia lavitra ny kaomina ambonivohitr'i Fort Dauphin. Mitoreo ny mponina satria tena fanaovana tsinontsinona ny kolontsaina malagasy no mahazo làka amin'ity halatra taolam-paty ity, izay miverina izao indray. Marihina fa misy hatramin'ny taolan'olona manana ny maha izy azy ao Fort Dauphin no lasan'ireo olondratsy. Raha ny vaovao azo dia mpiarak'omby no nahita ireo fasana vaky ireo, izy ireo no nampandre ny fokonolona. Manao antso avo amin'ny tomponandraikitra mba hijery akaiky izao loza be izao ny any amin'ny faritra Anôsy.

***Mangarahara***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny Filoha Marc Ravalomanana nanohana ny fampielezan-kevitry ny kandida TIM K25 ao amin'ny boriborintany faha 4.**















